

# RINDRA
Renforcer la gouvernance à Madagascar

***RIJAN-TENY FOTOTRA***
***ho an'ny Firaisamonimpirenena ifotony***

***Fanatsarana ny mangarahara sy ny tamberin'andraikitra eo amin'ny fitantanana ny raharaham-panjakana eny ifotony***

## 1 Zava-misy

Vitsy dia vitsy ny olom-pirenena mirotsaka an-tsitrapo amin'ny fitantanana sy/na ny fanaraha-maso ny raharaham-panjakana eny ifotony eto Madagasikara. Tononina manokana amin'izany ny firaviravina tanana manoloana ny fanarahamaso ny asam-panjakana, ny anjara andraikitry ny mpitondra manoloana ny sosialim-bahoaka, ny fandraisana andraikitra amin'ny fandoavan-ketra sy ny fifidianana.

Manampy trotraka koa ny fahavitsian'ireo sehatra misokatra sy omena mba hampiroboroboana sy hampahomby ny fandraisana anjaran'ny olom-pirenena. Efa an-taonany izay no nivoaka ny lalàna hametrahana ny Rafitra Ifotony Fikaonan-doha (RIF) eny anivon'ny kaominina. Raha tsiahivina, ny RIF dia sehatra fifampiresahana sy fakan-kevitra ary fikaonandoha eny anivon'ny kaominina ahafahana mampandray anjara feno ireo mpisehatra eo amin'ny fampandrosoana na miankina amin'ny fanjakana na ny sehatra tsy miankina. Mbola vitsy anefa ny Kaominina namoaka didy hananganana io rafitra io.

Antony hafa maha-ambany ny tahan'ny fandraisan'andraikitra ihany koa ny tsy fahazoan'ny olom-pirenena antontam-baovao momba ny fitantanana ny raharaham-panjakana fototra. Mbola marolafy arak'izany ny fanamby hatrehina.

Izany rehetra izany no nanosika ny fandaharanasa RINDRA hanome tantsoroka ny firaisamonimpirenena sy ny olom-pirenena mba ahafanan'izy ireo mandray andraikitra eny amin'ny kaominina misy azy, manaramaso ny fitantanana ny raharaham-panjakana eny ifotony sy ny mampihatra ny fahefana ho tombotsoan'ny daholobe. Ao anatin'ny fiaraha-mientan'ny rehetra manko no hahatrarana ny tanjona fanamafisana ny fahaiza-mitantana eto Madagasikara.

Ho fanatanterahana ny adidiny ao anatin'ny fandaharanasa RINDRA, ny fikambanana MSIS-Tatao dia miantso ny Firaisamonimpirenena manam-pikasana sy fahavononana hanatsara ny fangaraharana sy ny tamberin'andraikitra eo amin'ny fitantanana ny raharaham-panjakana eny anivon'ny Kaominina anatin'ireto faritra ireto : MENABE, SAVA, ATSINANANA, ANALANJIROFO ary ANALAMANGA.

## 2 Tanjona

Tanjona ifaharan'ity fiantsoana fahavononana ity ny fahafantarana ny firaisamonim-pirenena misehatra eny anivon'ny Faritra sy Kaominina hiasan'ny fandaharanasa RINDRA. Eo ihany koa ny faniriana hanamafy orina ny fandraisan'andraikitry ny olom-pirenena ho fanatsarana ny fangaraharana sy ny tamberin'andraikitra eo amin'ny fitantanana ny raharaham-panjakana ifotony.

RINDRA est un programme financé par l'Agence Américaine pour le Développement International (USAID) et mis en œuvre par le Programme des Nations Unies pour le Développement (PNUD)

## 3 Andraikitra ho sahanin’ny firaisamonimpirenena voafantina

Mba hisian’ny fampandrosoana maharitra sy mampiaty dia handray ireto andraikitra ireto ny firaisamonimpirenena voafantina:

- Manetsika ny firaisamonimpirenena hafa sy manentana ny vondron’olona ifotony mba hirotsaka amin’ny fanatsarana ny fangaraharana sy ny tamberin’andraikitra amin’ny fitantanana ny volan’ny Kaominina.
- Mamporisika sy manatsara ny fandraisana andraikitry ny olom-pirenena amin’ireny vondrona marefo ireny, indrindra fa ny tanora, ny vehivavy, ny olona manana fahasembanana, ary ny vondron’olona miaina anaty fahantrana.
- Mandrindra ny hetsika ataon’ny olom-pirenena mikasika ny fanarahamaso ny raharaham-panjakana ifotony sy ny fanaovana haitaky ho fanatsarana ny fitantanana.

## 4 Lahasa novolavolaina tao anatin’ny fandaharanasa RINDRA

Mba hahafahan’izy ireo mandray andraikitra feno eny anivon’ny sehatra samihafa sy rafitra natokana hiaraha-mitantana ny raharaham-panjakana fototra (RIF, FEFFI, COSAN, Komity Dina, etc.), ny firaisamonim-pirenena voafantina dia hisitraka fiofanana sy tantsoroka mikasika ny:

- fanabeazana ho olom-pirenena
- fanapariaham-baovao mifandraika amin’ny fitantanana.
- fanaovana tombana « Tondro ho an’ny Fangaraharan’ny Tetibola » (ITB) eny anivon’ny Kaominina
- fiaraha-miasa amin’ireo manam-pahefana eo amin’ny fanatanterahana ireo sosokevitra amin’ny alalan’ny tetibola andraisan’ny rehetra anjara.
- fanombanana ny fahitsiana sy ny kalitaon’ny tolotra omena ny olom-pirenena, fanombanana ny mpisitraka sy ny mpanao raharaha, famoriana ny mpisitraka sy ny mpanao raharaha, famolavolana sy fanatanterahana ary fizohiana ny drafitra fanamafisana fahaiza-manao.
- fanatsarana ny fomba fanangonana sy fandefasana ary fitantanana ny fitarainana mba hahafahan’ny olom-pirenena feno taona rehetra mampahafantatra trangana kolikoly sy tsy fahaiza-mitantana.

## 5 Fepetra takiana :

Fikambanana (Association na ONG) tsy manao politika, misehatra amin’ny fampianarana, fahasalamana, fampananana asa, tontolo iainana, fampandrosoana maharitra, fiompiana sy fambolena, fikambanana ara-pinoana, sy fikambanana hafa mikendry ny fampandrosoana... ka mamaly ireto mason-tsivana manaraka ireto:

- manana adiresy mazava sy/na misehatra mavitrika eo anivon’ny Kaominina voatondro iasana;
- manatanteraka fandaharanasa na tetikasa eny amin’ny Kaominina hiasana;
- efa nijoro herintaona farafahakeliny, manana tapakila fanamarinana ny fisiana (azo ekena ny tapakila mbola vao ho alaina na hoavaozina) ;
- afaka manolotra mpikambana ho atao tompon’andraikitra eny anivon’ny kaominina (TAK).
- Ny TAK dia tokony mahafeno ireto fepetra manaraka ireto:
    - Manana Diplaoma Bacc farafahakeliny ;
    - Mipetraka ao amin’ny Kaominina hiadidina ;
    - Efa nanatanteraka fanadihadiana (enquête qualitative sy quantitative);
    - Manana fahaizana mamakafaka sy mandravona;
    - Manana fahaizana manentana sy manofana;
    - Mahay mikirakira ny fitaovana informatika (Word, Excel…);
    - Manana fahalalana mikasika ny fitantanam-bolam-panjakana sy ny fangaraharan’ny tetibola;
    - Tanora lehilahy na vehivavy latsaky ny 30 taona, **amporisihina ny fandraisana anjaran’ireo manana fahasembanana ;**
    - Tombony ny maha mpikambana ao anatin’ny rafitra ifotony fikaonandoha (RIF_ SLC);
    - Tombony ny fahaizana manao tatitra an-tsoratra amin’ny teny Frantsay ;

RINDRA est un programme financé par l'Agence Américaine pour le Développement International (USAID) et mis en œuvre par le Programme des Nations Unies pour le Développement (PNUD)

## 6 Fomba fandraisana anjara

Entanina ny firaisamonimpirenena vonona sy liana ary mamaly ny mason-tsivana voalaza etsy ambony ireo hanomanana ireto antontan-taratasy ireto :

- Taratasy iray (01) mampahafantatra ny mombamomban'ny fikambanana
- Fanamarinam-pahavononana iray (01)
- CV iray (01) an'ilay mpikambana atolotra

Ireo antontan-taratasy ireo dia afaka alefa mailaka na aterina mivantana eny anivon'ny birao isam-paritry ny RINDRA farafahatarany ny: **Talata 25 Jolay 2023** amin'ny **12 ora atoandro**.

| | | |
|---|---|---|
| Analanjirofo | Bâtiment Commune Urbaine Fenerive -Est 1er Etage Porte 107 | rabevantaninaelyner@gmail.com |
| Atsinanana | Bâtiment Région, Porte 141 Avenue de l'indépendance Toamasina 501 | paulherve889@gmail.com |
| Menabe | Bâtiment Région Antsimahavaombe– Morondava | tovondrainyjulien@gmail.com |
| Sava | Bâtiment Région Sambava Centre | fidyherman06@gmail.com |
| Antananarivo | Bureau RINDRA Ambatonakanga Résidence – USHUAIA | randriahantaravaka@gmail.com |

**PS: Apetraho mazava ny Faritra sy Kaominina hiandraiketana.**

## 7 Lisitry ny Kaominina Taona 1 :

| Faritra | Distrika | Kaominina | Catégorie |
|---|---|---|---|
| ANALAMANGA | AVARADRANO | AMBOHIMANAMBOLA | RURALE |
| | AVARADRANO | MASINDRAY | RURALE |
| | AVARADRANO | AMBOHIMANGAKELY | RURALE |
| | AVARADRANO | ANJEVA GARA | RURALE |
| | AVARADRANO | AMBOHIMALAZA MIRAY | RURALE |
| | AVARADRANO | ANOSY AVARATRA | RURALE |
| | AVARADRANO | SABOTSY NAMEHANA | RURALE |
| | ATSIMONDRANO | ANKARAOBATO | RURALE |
| | ATSIMONDRANO | ANDOHARANOFOTSY | RURALE |
| | ATSIMONDRANO | AMPITATAFIKA | RURALE |
| | ATSIMONDRANO | SOAVINA | RURALE |
| | ATSIMONDRANO | ANOSIZATO ANDREFANA | RURALE |
| | ATSIMONDRANO | AMBAVAHADITOKANA | RURALE |
| | ATSIMONDRANO | AMBOHIDRAPETO | RURALE |
| | ATSIMONDRANO | ANDRANONAHOATRA | RURALE |
| | ATSIMONDRANO | ANKADIMANGA | RURALE |

| Faritra | Distrika | Kaominina | Catégorie |
|---|---|---|---|
| | ATSIMONDRANO | BEMASOANDRO | RURALE |
| | ATSIMONDRANO | FIOMBONANA | RURALE |
| | AMBOHIDRATRIMO | MANANJARA | RURALE |
| | AMBOHIDRATRIMO | AMPANOTOKANA | RURALE |
| | AMBOHIDRATRIMO | ANTANETIBE | RURALE |
| ANALANJIROFO | FENERIVE-EST | BETAMPONA | RURALE |
| | FENERIVE-EST | MAHANORO | RURALE |
| | FENERIVE-EST | VOHILENGO | RURALE |
| | FENERIVE-EST | AMPASIMBE MANANTSATRANA | RURALE |
| | FENERIVE-EST | AMBANJA SAHALAVA | RURALE |
| | VAVATENINA | VAVATENINA | URBAINE |
| | VAVATENINA | AMPASIMAZAVA | RURALE |
| | VAVATENINA | MAROMITETY | RURALE |
| | VAVATENINA | AMBOHIBE | RURALE |
| | VAVATENINA | TANAMARINA | RURALE |
| | VAVATENINA | ANJAHAMBE | RURALE |
| | VAVATENINA | ANDASIBE | RURALE |
| | SOANIERANA IVONGO | SOANIERANA IVONGO | RURALE |
| | SOANIERANA IVONGO | AMBINANISAKANA | RURALE |
| ATSINANANA | TOAMASINA II | AMPASIMADINIKA MANAMBOLO | RURALE |
| | TOAMASINA II | AMPASIMBE ONIBE | RURALE |
| | TOAMASINA II | ANDONDABE | RURALE |
| | BRICKAVILLE | ANIVORANO-EST | RURALE |
| | BRICKAVILLE | VOHITRANIVONA | RURALE |
| | BRICKAVILLE | ANTSAPANANA | RURALE |
| | BRICKAVILLE | BRICKAVILLE | URBAINE |
| | BRICKAVILLE | MAHATSARA | RURALE |
| | VATOMANDRY | VATOMANDRY | URBAINE |
| | VATOMANDRY | ILAKA EST | RURALE |
| | VATOMANDRY | NIAROVANA CAROLINE | RURALE |
| | VATOMANDRY | SAHAMATEVINA | RURALE |

RINDRA est un programme financé par l'Agence Américaine pour le Développement International (USAID) et mis en œuvre par le Programme des Nations Unies pour le Développement (PNUD)

| Faritra | Distrika | Kaominina | Catégorie |
|---|---|---|---|
| | VATOMANDRY | TSARASAMBO | RURALE |
| MENABE | MORONDAVA | MAROFANDILIA | RURALE |
| | MAHABO | BEZEZIKA | RURALE |
| | MAHABO | ANKILIZATO | RURALE |
| | MAHABO | MALAIMBANDY | RURALE |
| | MAHABO | AMPANIHY | RURALE |
| | MIANDRIVAZO | MIANDRIVAZO | URBAINE |
| | MIANDRIVAZO | ANDRANOMAINTY | RURALE |
| | MIANDRIVAZO | ANKOTROFOTSY | RURALE |
| | MIANDRIVAZO | ISALO | RURALE |
| | MIANDRIVAZO | DABOLAVA | RURALE |
| | MIANDRIVAZO | AMBATOLAHY | RURALE |
| SAVA | SAMBAVA | MAROJALA | RURALE |
| | SAMBAVA | NOSIARINA | RURALE |
| | SAMBAVA | AMBOHIMALAZA | RURALE |
| | SAMBAVA | MORAFENO | RURALE |
| | SAMBAVA | AMBODIVOARA | RURALE |
| | SAMBAVA | MAROHAMBY | RURALE |
| | SAMBAVA | ANJANGOVERATRA | RURALE |
| | ANTALAHA | AMBINANOFAO | RURALE |
| | ANTALAHA | ANTSAHANORO | RURALE |
| | ANTALAHA | AMPOHIBE | RURALE |
| | VOHEMAR | VOHEMAR | URBAINE |
| | VOHEMAR | AMPONDRA | RURALE |
| | VOHEMAR | FANAMBANA | RURALE |
| | VOHEMAR | TSARABARIA | RURALE |
| | VOHEMAR | ANTSIRABE NORD | RURALE |

RINDRA est un programme financé par l'Agence Américaine pour le Développement International (USAID) et mis en œuvre par le Programme des Nations Unies pour le Développement (PNUD)